**VIMA sy ny Federasiona**

# Afa-po tamin'ny Marathon International de Tana




*Mahay mikarakara fifaninanana ihany koa ity Orinasa ity.*

Afa-po izay no teny azo nandritra ny fifaninanana Marathon international de Tana izay nokarakarain'ny orinasa VIMA sy ny World Trade center niaraka tamin'ny federasiona mpiahy ny taranja teto an-drenivohitra tamin'ny Alahady teo.

Raha teo amin'ny fifaninanana manokana aloha dia mbola hita ihany ny tanjaky ny keniana amin'ny resaka toy ireny. Tsy nisy mpifanandrina naharaka mihitsy I Sammy Kipkori nandritra ny hazakazaka teo amin'ny lehilahy. Mbola teo am-pelatanan'I Haja hatrany kosa ny anarambonindahitra maha-tompondakan'I Madagasikara azy. Nilaza hatrany ity tompondaka kenyana ity fa tokony ho lasa lavitra ny atleta Malagasy raha mahay miray hina amin'ny fifaninanana tahaka ireny. Anisan'ny saika nampiatahotra azy ny hoe hifampitana amina atleta maro a hifarimbona aminy irery. Ny nifanohitra tamin'izany anefa no hitany ka izay no anisan'ny tsy nampanano sarotra ny fakany ny fandresena. NIlaza hatrany koa I haja fa tsy ampy ny famporisihana ny mpihazakzaka malagays amin'ny sehatra tahaka ireny. Raha teo azloha naira-niasa tamin'ny BOA ny tenany dia tapitra izany amin'izao ka olana kely ho azy izany.

Teo amin'ny vehivavy kosa dia I Landy no tompondaka sy tompon'ny anaram-boninahitra kosa. Mbola lavitr'ezaa ny tanjona ho an'ity sokajy ity satria toa tsy mbola nisy nahasolo aloha hatreto I Clarisse Rasoarizay.

Nilaza hatrany ny mpikarakara ny fifaninanana fa santatra ambava rano ihany iny fa mbola hiezaka hanohy ny hetsika andiany faha15 izy ireo. Nahatsiaro ho afa-po avokoa ireo orinasa mpiaramiombon'antoka rehetra sy ny mpifaninanana tamin'ny ankapobeny.

**Danny**